# ALAHADY FAHA-4 MANDAVANTAONA D



**« Tsy ny zanak'i Jôsefa va ity? » (Lk. 4: 22)**

Ry Kristianina havana, tena ao anatin'ny fivelomana ny mandavantaona tokoa isika izao, izany hoe vanim-potoana amin'ny fandalinam-pinoana, katolika aho ka halaliniko izay inoako. Tsy hoe halalinina fotsiny ka hikombona samirery fa ho tahaka an'I Jesoa tao an-tempoly nilaza hoe "Ato amiko ny Fanahin'ny Tompo, irahinao hitory ny Vaovao mahafaly aho" izany no namaranantsika ny fandalinam-pinoana tamin'ny Alahady lasa faha-3 teo. Amin'izao Alahady faha-4 izao dia miditra lalindalina isika, miantso antsika Andriamanitra mba hampiombona ny olona rehetra satria Andriamanitra araka ny lohahevitra halalinintsika androany dia "Masoandro be lohataona ny fitiavany ka tsy mifidy olona hosoavina" izany hoe miantso antsika ho olo araiky ao Aminy Andriamanitra. Tsy mikombona ny finoana, katolika aho ka zaraiko izay inoako, katolika aho ankalazaiko izay inoako. Izany voalaza rehetra izany no votoatin'ny atao amin'ny Sinaody atrehintsika izao ary miainga any amin'ny fianakaviana "eglizy kely". Any isika no MIARA-DIA, MIARA-DALANA KA MANDINIKA INONA MARINA MOA NY VOTOATIN'NY VAVAKA, NY VOTOATIN'NY FINOANA? NY MAHA-KATOLIKA ?

**Vakiteny I Jer.** 1, 4-6. 17-19
**Tononkira :** Salamo 70
**Vakiteny II :** 1 Kôr. 12, 31—13, 13
**Evanjely :** Lk. 4, 21-30

Ry Kristianina havamalala, miantso antsika tokoa Andriamanitra, miantso olona hijoro vavolombelona hanambara amin'ny manodidina ny fitiavan'Andriamanitra izay lazain'i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa, fa io fitiavana io no lehibe indrindra satria raha nahary antsika Andriamanitra, nahary antsika hitovy endrika Aminy. Andriamanitra dia fitiavana. Ny hanahafantsika an'Andriamanitra dia fitiavana ary averimberin'ny Soratra Masina izany fa indrindra i Md Joany " *Raha mitia isika dia eo anivontsika Andriamanitra*". Matoa mikorontana sy tsizarizary ny fiainantsika dia satria tsy eo anivon'ny fiainantsika ary tsy ivon'ny fiainantsika izany endrik'Andriamanitra izany. Araky ny henontsika amin'ny vakiteny voalohany, nantsoin'Andriamanitra I Jeremia ka nirahiny eo

anivon'ny mpiara-belona aminy ho mpaminany ho an'ny fireneny. Ny mpaminany ho antsika dia ny mahalala ny hoavy nefa tsy izany ny tena fototra voalohany, ny mpaminany dia izay mahalala ny sitrak'Andriamanitra sy mizara izany amin'ny mpiara-belona aminy. Jeremia dia nirahin'Andriamanitra hanambara ny sitrak'Andriamanitra amin'ny vahoakany. Torak'izany koa i Jesoa ao amin'ny Evanjely. To teny teo amin'ny olona i Jesoa ka gaga ireo nahita Azy ary velom-panontaniana hoe " *Iza io, tsy zanak'i Josefa ve io, tsy eto amintsika ve ny rahalahiny, ny anabaviny* ?" Izany indrindra no fampianarana voalohany ho antsika, irahin'Andriamanitra isika hampivondrona sy hampiombona ny vahoakany. Aza gaga isika fa misy ireo manodidina antsika, misy ireo akaiky antsika indrindra no manaratsy ary manatsatso hoe *fa "iza moa io no mba miananankendry"* satria mijoro manambara ny sitrak'Andriamanitra isika. Ary ny sitrak'Andriamanitra dia mifototra amin'ny zavatra telo lazain'I Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa.

Voalohany dia ny fitiavana, endrik'Andriamanitra isika ka mampianatra antsika mifankatia, izany hoe hanasoa ny hafa, hahafoy ho an'ny hafa ary io no hahafahana manorina fiainana vaovao. Izany no maha-génération mpanorina antsika satria mifanasoa, mahafoy ho an'ny hafa. Tsarovy àry ry Kristianina havana fa mila mahay manararaotra izao firosoantsika amin'ny Sinaody izao isika mba ho Eglizy miara-dia tokoa Aoka ho fantantsika fa amin'ny fanorenana hataontsika vokatr'izao Sinaody izao dia mila mijery akaiky ny tontolo iainantsika isika, tontolo iainana izay averimberintsika matetika fa efa potika. Fomba anankiray sy fototra hanehoana ny fitiavana ny fahaizantsika mikolokolo ny zava-boary ka toa izay ho "mpifahavalo" zary "mpihavana" isika sy ny zava-boary. Tsy tanteraka izany raha tsy mahafoy fotoana amin'ny fikarakarana azy isika, mikolokolo sy miaro azy, halavirina azy ny afo, ny motro sy ny kapa ala fanaontsika ireny. Fantantsika fa raha mikapa ala isika dia mamono ny aina satria tsy misy ny rano, hitantsika ny voka-dratsin'izany, anisan'izany ny fahitana ny zerikana mavo milahatra satria tsy ampy intsony ny rano. Ny fampanjakana ny fitiavana, ny fahafoizana, ny fiarovana ny ala mba tsy ho potika dia fiarovana ny aina. Raha miaro ny ala isika dia miaro ny aina satria izay mandoro tanety tsy hoe mamono tanindrazana fa mamono aina, mamono taranaka. Noho ny fitiavana, fahafoizana, noho isika mitady soa ho an'ny hafa dia vonona koa mikolokolo ny tontolom-piainantsika.

Ny faharoa ambaran'i Md Paoly dia ny fahamarinana, vokatry ny maha-mpaminany antsika ny fizarana ny sitrak'Andriamanitra ka mijoro amin'ny fahamarinana, vokatry ny fitiavana izany. Ny marina ihany no hahafahantsika mampijoro ny fiainana vaovao. Ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny vokatry ny fitiavana sy fahamarinana ao anatin'ny fihavanana sady kristianina no Malagasy miainga avy amin'ny fifampitokisana no mitondra antsika ho taranaka mpanorina tokoa. Tsy misy ny fifampitokisana raha tsy ao ny marina. Ary ny marina no tena mampiombona mahatonga antsika ho EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY KA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO TABAERNAKLA VELONA.

Ny fahatelo ampianarin'I Md Paoly antsika dia ny fanantenana, vokatry ny finoana eo anivon'ny ny tontolom-pinoantsika dia feno fanantenana isika satria mampianatra antsika hiombona Aminy i Jesoa, ho olo araiky amin'Andriamanitra isika ka feno fanantenana na dia maro aza ny zavatra mifamahofaho. Ny olona manantena dia mahatsapa fa na dia eo aza ny zava-manahirana dia tsy io no tompon'ny teny farany. Eto dia I Kristy no Fanantenantsika. Noho izany dia mivelona ny fiadanana ampianarin'I Jesoa Kristy isika. Tsy ilay fiadanan'izao tontolo izay fandriam-pahalemana

vokatry ny hetraketraka sy fanjakazakana matetika fa ny tontolom-pinoana izay mampianatra antsika ilay fiadanana ambaran'I Jesoa nandresy ny fahafatesana ka noho izany dia feno fanantenana isika satria mazava ny ho avy. Ny tsy fahafantarana ny ho avy no mampitebiteby ka mahavery ny fanantenana.

Ny foto-pampianarana tian'ny Eglizy aroso amintsika amin'izao Alahady faha-4 mandavantaona izao dia antsoina isika ho mpaminany tahaka an'I Jeremia, hampivondrona ny vahoaka. Antsoina isika ho mpaminany ho an'ny firenena na dia sarotra aza izany.

Na i Jesoa aza rehefa nijoro nanambara ny sitrak'Andriamanitra dia nisy nanenjika, aza gaga isika amin'ny fiainantsika ny finoana raha misy manenjika satria vavolombelona isika manambara ny maha-zanak'Andriamanitra dia tsy maintsy misy manatsatso na manaratsy. Entanim-pinoana isika, araky ny lazain'i Md Paoly, entanin'ilay fitiavana satria noharian'Andriamanitra hitovy endrika Aminy ka manambara ny endrik'Andriamanitra amin'ny mpiara-belona, ambarantsika amin'ny ataontsika rehetra. Ny fitiavana dia fahafoizana, hanompo sy hanao soa ny hafa ary izany no entintsika hampijoroana ny maha-génération mpanorina antsika. Ilay fanorenana ny tontolo iainana ka hiarovantsika ny zava-boahary, ny fanorenana ny tontolom-piainana ao anatin'ny fahamarinana ary ny tontolom-pinoana ao anatin'ny fanantenana. Izany no ezaka iarahantsika manao amin'izao Sinaody izao. Hiara-dalana tokoa isika hanorina ilay Fianakaviamben-Zanahary, Fratelli Tutti, Olo Raiky Isika Jiaby. Hiaraka isika hanorina ny TRANOBE IOMBONANA.

Ry Jesoa Tompo ô, teo anivon'ny mpiara-belona Aminao dia maro ny olona tsy nahatsapa na nahafantatra fa Ianao tokoa no làlana sy fahamarinana ary fiainana. Tsy miafina Aminao fa mbola izany no mitranga. Maniry ho "génération mpanorina" izahay miaraka Aminao fa indrindra amin'izao Sinaody izao. Eglizy Miara-dia, miombona, mandray an-tanana, irahina ho Tabernakla velona manorina ny tranobe Iombonana. Enga anie hirotsaka aminay ny fahasoavanao sy ny Fanahinao masina hahafahanay mandresy ireny toetra mahatonga anay ho mpandrava sy mpanakorontana ary feno avonavona sy fitiavan-tena ireny. Ho resinay ireny ka ho zary mendrika ny maha-zanak'Andriamanitra tokoa ny fiainanay, ho Kristy mpiara-belona izahay, ho mpaminany hizara fahamarinana sy fanantenana ary mizara fitiavana eo amin'ny manodidina anay araky ny torohevitra aroson'ny Eglizy anay androany. Ho fianakaviana iray ao Aminao, ho olo araiky ao Aminao tokoa izahay satria *"Masoandro be lohataona ny fitiavanao ka tsy mifidy olona hosoavina"*. Masina Maria Reny mila vavaka avy Aminao izahay miatrika izay Sinaody izao satria maniry ho Eglizy Mpampianatra sy Mpaminany eo anivon'izao tontolo izay matetika tsy vonona mandray, manilikilika aza. Matoky ny vavaka avy Aminao izahay. Md Josefa aza avelanao irery izahay. Tohana amin'ny vavakao fa Ray Mpiaro ny Eglizy Erantany ianao Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson